Amin'ny fiankohofana eo anoloan'ny andriamanitrao, izay aseho amin'ny alalan'ny tapa-kazo, sary vongana, sarontava, ody iambozonana, mohara, renirano, lava-bato, trano manara, ranomasina, afo, volana, masoandro, tendrombohitra, hazo, vato, biby, na lohan'omby, na koa olona...

... fantaro fa miankohoka eo amina sampy ianao.

Toa izany koa raha mitahiry ody afenina ao an-trano na entina eny aminao.

Eny, hitako fa manana fahafoizantena tanteraka ianao: manolotra fanatitra alatsa-dra, manome vola vy, na tapaka salaka, na koa tantely sy labozia mirehitra. Hajainao koa na ny fadifady sy ny sary sokitra aza. Raha vao hiposaka ny andro dia eny an-dranomasina na any amoron-drano ianao mba hanatanteraka ny fidiovana, ka arahinao an-tsakany sy an-davany ireo fihetsika sy fombafomba fanao...

Mba hanajana ny lovan-tsofina sy ny fomban-drazana, ary koa mba tsy hahasosotra ny zokiolona, dia misy fotoana voatondro mazava ao anatin'ny taona, izay anomezanao voninahitra "ny fanahin'ny razana",

... ary fanompoana ny maty izany.

Mahery aoka izany ny vesatry ny fianakaviana, hany ianao ka toa mahatsiaro ho voatery hanaja ny fomban-drazana, amin'ny fanatrehanao, sy handray anjara, na dia tsy amin'ny fomba mavitrika aza, amin'ny fetin'ny zana-drazana, amin'ny santa-bary, na amin'ny vavaka sy lanonana ho an'ny maty..

Indraindray na dia manao hoe "tsia" aza ny fieritreretanao, dia mandray anjara ihany ianao, satria mieritreritra fa ireo havana efa maty dia lasa toa andriamanitra afaka manao soa na manao ratsy.

Tena matahotra mihitsy ianao hiteny hoe "tsia" amin'ny joro, rehefa tonga ny fotoana heverin'ny mpimasy fa tsara hamonoana omby, hangatahana fitahiana amin'ny razana, indrindra moa fa raha nisy tsy nanaja fady.

Matahotra ianao noho ny fianakaviana, ny foko, ny lovan-tsofina... matahotra ny hahatezitra ireo andriamanitra raha tsy manaraka ny fomban-drazana.

Izany no mahatonga io fahatsapana tahotra sy ahiahy io ho raiki-tampisaka ao amin'ny fiainanao.

Fantaro nefa fa misy Andriamanitra iray, ambonin'ireo *andriamanitra* tsy izy rehetra ireo.

Ny apostoly Paoly, mpanompon'Ilay Andriamanitra lehibe ao an-danitra, dia miteny izao ao amin'ny Baiboly, izay Tenin'Andriamanitra:

"Izay zavatra aterin'ny jentilisa ho fanatitra, dia ateriny amin'ny demonia fa tsy amin'Andriamanitra", ary ampiany hoe: *"Tsy tiako ho mpiombona amin'ny demonia ianareo"* (1 Korintiana 10. 20).

Ao ambadiky ny ody sy sampy, ao ambadiky ny razana na maty izay heverina fa iresahana, dia misy demonia; ary ny demonia dia te hanandevo anao sy hihazona anao ao ambany ziogan'ny tahotra, fiahiahiana, ary fandrahonana.

Ireo demonia ireo dia milofo hampino anao fa izy no tena Andriamanitra marina. Mitandrema fa marani-tsaina sy fetsy izy ireo, ary afaka miasa amin'ny fieritreretanao ka mandresy lahatra anao fa tsara ny ataonao raha mitsaoka azy. Rehefa tratrany ny tanjony, dia mahatsiravina ny vokany, satria raha ny momba ny fivavahana, dia resy lahatra ianao, ao am-ponao lalina ao, fa ny fitsaohana ataonao an-kitsimpo dia ho an'Ilay Andriamanitra tena izy.Tsy ampoizinao akory fa ilay fahavalon'Andriamanitra, izany hoe i Satana, no itsaohanao.

Dia hiharatsy hatrany ny fandehan-javatra satria hitafy ny toetran'i Satana ianao, toy ny herisetra, lainga, fanambakana, fahalovana, fifetsifetsena, fangalarana, na mbola ratsy noho izany aza, faniriana hamono olona, hamotika, hanolana, hijangajanga, hanao zavatra tsy fanao... raha lazaina amin'ny fomba hafa, faniriana hanisy ratsy ny manodidina anao.

Iza moa io Andriamanitry ny lanitra, Izay lehibe io?

Izy dia Ilay Andriamanitra Mpahary

Ilay Andriamanitra lazain'ny Baiboly dia Ilay Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany mbamin'izay rehetra hitan'ny masonao. Izy ihany koa no nahary ny olona tahaka ny endriny, tahaka ny endrik'Andriamanitra (Genesisy 1. 27).

Noho izany dia tsy misy antony tokony hametrahanao ny fitokianao amin'izay hazo namboarin'Andriamanitra, izay any amin'ny afo no hiafarany, na koa amin'ny kintana amambolana, na amin'ny rano, satria ny Baiboly dia milaza fa

Andriamanitra no namorona ny zavatra rehetra sy nandamina ny voary (Ohabolana 8. 27-29).

Ny zavaboary izany dia mampiseho amintsika fa Andriamanitra dia tsitoha. Mahery noho ireo demonia Izy, ary hiaro anao amin'ireo, raha ankininao Aminy ny fiainanao. *"Nesoriny* (nesorin'i Jesosy) *tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazofijaliana dia nasehony miharihary ny fitondràny ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy"* (Kolosiana 2. 15).

Koa Andriamanitra, Izay naniraka ny Zanany Jesosy Kristy handresy an'i Satana eo amin'ny hazofijaliana, no tokony homem-boninahitra.

Ny manome voninahitra ireo sampy fa tsy Andriamanitra dia manao tsinontsinona sy manimbazimba Azy; satria ny fitsaohana ny demonia dia fanaovana tsinontsinona ny nahafatesan'ny Zanany sy ny nitsanganany tamin'ny maty, fitsanganana nandreseny an'i Satana sy ny anjeliny. Izany no nitenenan'Andriamanitra hoe: ***"Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay etỳ amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany.*** *Aza miankohoka eo anatrehany, ary aza manompo azy; fa Izaho, Jehovah Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro"* (Eksodosy 20. 4-5). Miteny koa Izy hoe: *"Izay mamorona sarin-javatra voasokitra dia zava-poana avokoa; ary ny zavatra tiany indrindra dia tsy mahasoa... Tsy mahalala na mahafantatra ireny... —Tsy misy mieritreritra ao am-pony, na mba manana fahalalana na saina akory hanao hoe: Ny sasany mantsy nodorako tamin'ny afo; eny, efa nanendy mofo tamin'ny vainafony aho; efa nanatsatsika hena aho ka nihinana; koa ny sisa va hataoko fahavetavetana, hiankohofako eo anatrehan'izay vatan-kazo? Homan-davenona izy; voafitaka ny fony ka nampivily azy, ka dia tsy mahavonjy ny fanahiny izy na mahalaza hoe:* ***Moa tsy lainga va no eto an-tanako ankavanana?"*** (Isaia 44. 9-20).

Izy dia Ilay Andriamanitra Mpitsara

Eo anatrehan'Andriamanitra no tsy maintsy hiseho ny olona tsirairay, satria hoy ny Baiboly hoe: *"Fa samy hiseho eo anoloan'ny fitsaràn'Andriamanitra isika rehetra. Fa voasoratra hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, ny lohalika rehetra handohalika amiko, ary ny lela rehetra hidera an'Andriamanitra. Koa samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra"* (Romana 14. 10-12). Mpanota isika ka sahaza antsika ny famaizan'Andriamanitra, ary vao mainka sahaza antsika izany raha manompo ireo sampy sy ody, izany hoe ny demonia izay te hamatotra antsika sy hitondra antsika amin'ny fahafatesana.

Koa vonona ny hihaona amin'Ilay tena Andriamanitry ny lanitra ve ianao, hotsarainy?

Nefa koa Izy dia Ilay Andriamanitra Mpamonjy

Io hany Andriamanitra marina io, ambonin'ny zavatra rehetra sy ny olona rehetra, dia nahita antsika nandevozina tao ambany ziogan'ireo sampy sy Satana. Satria isika voary tiany, dia nitady ny hamonjy sy hanafaka antsika Izy, tamin'ny nahatongavany tetỳ an-tany teo anivon'ny olona, tao amin'ny tenan'i Jesosy Kristy Zanany. Io Jesosy hitan'ny olona sy reny ary nokasihiny io dia tena Ilay Zanak'Andriamanitra Izay nanana—ary mbola manana ankehitriny— ny fahefana, tsy hoe hamonjy antsika fotsiny ihany, fa koa hanafaka antsika avy eo amin'ny tanan'i Satana. Satria ny Tompo Jesosy dia niaritra teo amin'ny hazofijaliana ny famaizan'Ilay Andriamanitra masina ireo fahotantsika. Io Andriamanitra Mpamonjy io dia nametraka ho antsika ny Teniny, dia ny Baiboly, ho vavolombelon'ny maha Izy Azy sy izay nataony mba hamonjena antsika.

Koa miomàna ianao hihaona amin'Ilay tena Andriamanitry ny lanitra

Ny hany fomba hankasitrahan'Andriamanitra anao dia ny finoana ao am-ponao fa ny Tompo Jesosy, Ilay Irak'Andriamanitra, Ilay Zanany masina, dia maty nisolo toerana anao, niharan'ny fitsaràn'Andriamanitra. Ny Tompo Jesosy dia nitondra ny fahotanao sy namafa izany tsy ho eo anoloan'Andriamanitra. Ary rehefa miaiky ianao fa mpanota, dia tokony hibebaka, izany hoe manambara amin'Andriamanitra hoe: **"Mpanota aho, miaiky izany, ary manenina amin'ny foko ny amin'izany. Menatra ny tenako aho, mifona Aminao".** Koa afaka mangataka an'i Jesosy ianao mba hidirany ao anatin'ny fonao, satria voasoratra hoe: *"Raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao, ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao. Fa amin'ny fo no inoana, hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena, hahazoana famonjena"* (Romana 10. 9-10).

Hoy koa ny Baiboly hoe: *"Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana"* (1 Jaona 5. 11-12).

Ampian'i Jesosy hoe: *"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy"* (Jaona 5. 24).

Ry mpamaky malala, saintsaino tsara izao teny izao: «***Tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika Ilay marina****; ary isika ao amin'Ilay marina, dia ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay"* (1 Jaona 5. 20).

Arovy ny tenanareo amin'ny sampy

Koa ny atao dia tsy hoe manambatra fireham-pinoana (toy ny fiantsoana "Zanahary sy ny razana"), na mitady marimaritra iraisana amin'ny finoanao an'Andriamanitra ho famonjena sy ireo eritreritra fanompoan-tsampy, satria mazava ho azy fa tsy misy ifandraisan'Andriamanitra amin'ny sampy, na ifandraisan'Andriamanitra amin'ny demonia. **Koa ialao, na dory mihitsy aza, ireo sampinao,** satria Andriamanitra no manafaka anao amin'ny fahamelohanao, amin'ny fahefan'i Satana, amin'ny fahefan'ny maizina, ary amin'izay fahefana rehetra mety namatotra anao. Resy i Satana satria teo amin'ny hazofijaliana i Kristy dia nanorotoro ny lohan'ilay menarana ela. Jesosy Kristy dia niditra mpandresy tao amin'ny fahafatesana, ilay sehatra nanapahan'i Satana, ka nandresy azy. Koa tamin'ny nahafatesany, Jesosy dia nandringana *"ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly"* ary nanafaka *"izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana"*(Hebreo 2. 14-16).

Aza tia kokoa ny sampy, satria ireny dia te hanao ratsy anao; fa Andriamanitra kosa no itokiso, satria te hanao SOA anao.

Anio ianao dia tompon'andraikitra hanapa-kevitra **handray an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra**, mba hidiran'ny fiainana avy any Ambony ao anatinao! Amin'izay Andriamanitra, ho anao, dia hanana ilay anarana mamy hoe *"Ray... nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina"* (Kolosiana 1. 13). Rehefa tonga zanany ianao dia ho **tena mpitsaoka marina** misaotra ny Ray, misaotra Ilay Andriamanitry ny fahasoavana rehetra.

BIBLIOTHEQUE CHRETIENNE MADAGASCAR

- Fianarana Baiboly maimaimpoana
- Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary
- Fampindramana boky kristiana

ANTANANARIVO
Lot IV L 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
101 - Antananarivo
Tél. : (261 20) 23 330 67
Portable : 032 42 552 35 - 033 15 552 35
E-mail : bibliothequechretienne@gmail.com

LIBRAIRIE NY MPAMAFY
IA 48 bis Avenue Grandidier
Isoraka
101 - Antananarivo
Portable : 034 14 552 35

TÔLAGNARO
BP184
Ambinanikely
614 – Tôlagnaro
Portable : 033 21 236 44

ANTSIRABE
Lot 0512-A-235
Avenue Ralaimongo
Tsarasaotra
110 – Antsirabe
Portable : 033 16 552 35

TOAMASINA
BP 567
Boulevard Joffre
301 - Toamasina
Portable : 033 06 655 30



Iza no inoana ?
Iza no tompoina ?